



**TAHIRINKEVITRA HANOFANANA
MPIANTSEHATRA
IFOTONYMAHAKASIKA NY
FAHASALAMAN'NY ZATOVO SY
TANORA**



Febroary 2018

FANAFOHEZAN-TENY

- AC : Agent Communautaire na Mpanentana ara-pahasalamana.
- ENSOMD : Enquete Nationale de Suivi des Objectifs Millénaires de Développement
- IST : Infection Sexuellement Transmissible
- Sida : Syndrôme de l'immuno déficience acquise
- VIH : Virus Immuno-déficience Humaine

FANOROAM-PEJY

1. FAMPIDIRANA.....	4
2. NY IANTEFAN'NY FIOFANANA.....	4
3. FOTO-KEVITRA IAINGAN' NY FAMPIDIRANA.....	4
4. TEKNIKA HO ENTI-MAMPIANATRA	4
5. TANJONA ANKAPOBEN'NY FAMPIDIRANA.....	5
6. TANJONA MANODIDINA NY FAMPIDIRANA.....	5
7. SAHANASA HANATRARANA NY TANJONA.....	5
8. NY VOTOATIN'NY FIOFANANA	5
9. TOMBAN'EZAKA NY FIOFANANA.....	6
10. FAHARETAN'NY FIOFANANA.....	6
TAKELAKA FANAMPINY	7
DRAFITRA NY FAMPIDIRANA	8
TAHIRIN-KEVITRA HO ZARAINA	Erreur ! Signet non défini.
TOMBANEZAKA ISAKY NY TARANJA.....	43
TOMBANEZAKA FARANY.....	61
FANDAHARAM-POTOANA.....	64
LISITRY NY NANDRAY ANJARA TAMIN'NY FANDRAFETANA NY TAHIRINKEVITRA	65

1. FAMPIDIRANA

Vahoaka salama no afaka mampandroso ny firenena. Ny tanjon'ny Fandrosoana lovain-jafy laharana fahatelo dia manome famaritana fa « Tokony hanana fahasalamana sy fahatsaram-piainana ny olona rehetra ».

Roa amby telopolo isan-jaton'ny Malagasy dia tanora eo anelanelan'ny 10 hatramin'ny 24 taona ka mendrika ny hotohanana, indrindra amin'ny lafiny ara-pahasalamana. Na dia efa tanjona napetraka ihany koa ny fampihenana ny taha-pahafatesan'ny Reny sy ny Zaza, dia tsapa fa mbola mitombo ny isan'ny Reny sy ny Zaza maty. Mampivarahontsana ny fahafantarana fa vehivavy folo isan'andro no maty eo am – piterahana ka tanora ny 3 amin'izy ireo. Mbola latsaky ny 15 taona ny 9% n'ny zatovolahy ary mbola latsaky ny 18 taona ny 50% n'ny zatovovavy dia efa miroso sahady amin'ny firaisana ara-nofo (fanadihadiana ENSOMD 2012-2013).

Manampy trotraka an'izany ny tsy fanajana ny hasin'ny aina, ny tsy fitsinjovana ny ho avy, ny tsy fahampian'ny fifanakalozan-kevitra eo amin'ny Ray aman-dreny sy ny zanaka, ny firongatry ny herisetra isan-karazany eo anivon'ny fiarahamonina, indrindra mianjady amin'ny zatovolahy sy zatovovavy ary ny fahaverezan'ny Soatovina sy ny Fahendrena malagasy.

Ataon'ny fitondram-panjakana sy ny mpiaramiombonantoka vaindohandrahara ny fanarenana izany zava-misy izany. Anisan'ny ezaka ny fanofanana ireo mpanentana ara-pahasalamana eny anivon'ny fiaraha-monina sy ny Mpanabe olon-tsahala. Mitaky fahaiza-manao ny andraikitra iantsorohan'izy ireo mba ahafahany manatanteraka ny asam-panentanana.

Novolavolaina ity torolalam - pampiofanana ity mba hanampiana azy ireo handresy lahatra ny tanora amin'ny fiovam-pitondrantena hananan'ny zatovolahy sy ny zatovovavy malagasy ho avy mamiratra amin'ny lafiny maha olona manontolo.

2. NY IANTEFAN'NY FIOFANANA

- Mpiantsehatra ifotony, indrindra ny tanora;
- Tanora Mpanabe olon-tsahala.

3. FOTO-KEVITRA IAINGAN' NY FAMPIANARANA

Tetika amam-paika fanofanana olon-dehibe.

4. TEKNIKA HO ENTI-MAMPIOFANA

- Famelabelarana fohy
- Tosakevitra
- Fampiasana karatra tsy misy soratra
- Fanotaniahana araham-baliny
- Asam-baomiera

- Fampiasana
- Dinika sy fifampizarana
- Famakiana tahirinkevitra

5. TANJONA ANKAPOBEN'NY FIOFANANA

Mpanentana maharesy lahatra ny tanora eny anivon'ny fiaraha – monina ho amin'ny fiovam-pitondrantena.

6. TANJONA MANODIDINA NY FAMPIHARANA

Aorian'ny fiofanana, ny mpanentana ara – pahasalamana sy ny Tanora Mpanabe Olontsahala tsirairay, dia afaka :

Manoro hevitra mahakasika ny fahasalaman'ny zatovo sy ny tanora.

7. SAHANASA HANATRARANA NY TANJONA

- 1- Manovo fahalalana mahakasika ny fananahana sy ireo dingam-pivoarana voajanahary mifandray amin'ny fahasalaman'ny zatovo sy ny tanora ;
- 2- Mianatra mamolavola drafitrasa ;
- 3- Mianatra mameno ireo fitaovam-pitantanana.
- 4- Mianatra mameno ny taratasy fandefasana tatitra

8. NY VOTOATIN'NY FIOFANANA

Ny fiofanana dia misy lohahevitra 4 sy taranja 18.

LOHAHEVITRA A: FAMPIDIRANA

Taranja 1: zava-misy mahakasika ny fahasalaman'ny zatovo eto Madagasikara

Taranja 2: andraikitra sy toetra takiana amin'ny mpiantsehatra ifotony

LOHAHEVITRA B: FIFANDRAISANA MAHOMBY

Taranja 1: zo fototra mahakasika ny fahasalaman'ny zatovo sy ny tanora

Taranja 2: teknika ampiasain'ny mpanentana eo anivon'ny fiaraha-monina

Taranja 3: Singa dimy mampirisika olona iray hiova toetra

Taranja 4: dingana ahatongavana amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mankany amin'ny fandraisana andraikitra

Taranja 5: fahaizana mifandray amin'ny Ray aman-dreny

Taranja 6: fomba fampiasana ireo fitaovam-panentanana

LOHAHEVITRA D: FAHASALAMAN'NY ZATOVO SY NY TANORA

Taranja 1: dingam-pivoarana voajanahary mifandray amin'ny fahasalamana ara-pananahan'ny zatovo sy ny tanora

Taranja 2: fisorohana ireo aretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofo tsy voaaro sy ny vohoka aloha loatra

Taranja 3: fisorohana vohoka tsy irina sy fanalan-jaza

Taranja 4 : fandraisana an-tanana ny tanora mitondra vohoka

Taranja 5: fanjariantsakafo

Taranja 6: fidiavana sy fomba fiaina

Taranja 7: ady amin'ny fidorohana nyzava-mahadomelina

Taranja 8: ady amin'ny herisetra isan-karazany

Taranja 9: fisorohana ny homamiadan'ny vozon'ny tranon-jaza

LOHAHEVITRA E : DRAFITRASA SY FITANTANANA

Taranja 1: famolavolana drafitrasa

Taranja 2 : fampiasana ireo fitaovam-pitantanana

9. TOMBAN'EZAKA NY FIOFANANA

Ahafahana mahazo tombom-pahalalana betsaka araka izay azo atao, dia ilain'ny mpampiofanany fahafantarana ny :

1. fahalalalan'ny mpiofana tsirairay,
2. ny fahatrarana ny tanjona napetraka,
3. ny tombom-pahalalana azo aorian'ny fiofanana,
4. ny fiovana entina sy fiantraikan'ny fiofanana.

10. FAHARETAN'NY FIOFANANA

Maharitra efatra (04) andro ny fiofanana.

TAKELAKA FANAMPINY

DRAFITRA NY FAMPIOFANANA

LOHAHEVITRA A: FAMPIDIRANA

Taranja1: zava-misy mahakasika ny fahasalaman'ny zatovo eto Madagasikara (30 mn)

Tanjona manokana	Lohateny	Faharetany	Fizotra ny asa	Fitaovana ilaina
<p>Aorian'ity taranja ity ny mpiofana tsirairay dia tokony ho afaka:</p> <p>1. manazava ny zava-misy mahakasika ny fahasalaman'ny zatovo eto Madagasikara.</p>	<p>Zava-misy mahakasika ny fahasalaman'ny zatovo eto Madagasikara</p>	<p>5 mn</p> <p>5 mn</p> <p>15 mn</p> <p>5 mn</p>	<p>-Fametrahana tontolo mahafinaritra</p> <p>- Famakiana sy fanazavana ny tanjona manokana</p> <p><u>Asa 1: famelabelarana fohy</u></p> <p><i>Dingana a</i></p> <p>Manazava ny zava-misy mahakasika ny fahasalaman'ny zatovo sy ny tanora ny mpampiofana.</p> <p>Mamelabelatra ny antony mahatonga ity fiofanana ity hanatsarana ny tolotra omena ny tanora sy ny fomba hanentanana azy ireo hanana ny fitondran-tena mendrika.</p> <p><u>Asa 2: fandravonana sy famerenana famakiana ny tanjona manokana.</u></p>	<p>Taratasy lehibe</p> <p>Markers</p> <p>Masking Tape</p> <p>Tanjona manokana</p> <p>Zava-misy mahakasika ny fahasalaman'ny zatovo eto Madagasikara</p> <p>Tanjona manokana</p>

LOHAHEVITRA A: FAMPIDIRANA

Taranja 2: andraikitra sy toetra takiana amin'ny mpiantsehatra ifotony (1ora)

Tanjona manokana	Lohateny	Faharetany	Fizotra ny asa	Fitaovana ilaina
<p>Aorian'ity taranja ity, ny mpiofana tsirairay dia tokony ho afaka:</p> <p>1. manazava ny andraikitra sahanin' ny mpiantsehatra ifotony;</p> <p>2. mahafehy ireo toetra takiana amin'ny mpiantsehatra ifotony.</p>	<p>Andraikitra sahanin'ny mpiantsehatra ifotony:</p> <ul style="list-style-type: none"> - mampifandray ny mpiaramonina, ny zatovo, ny tanora sy ny tobimpahasalamana, - mamantatra ny olana sy ny filana ara-pahasalamana misy eo anivon'ny mpiaramonina ary mitady vahaolana miaraka amin'ireo tompon'andraikitra ara-teknika sy ara-panjakana eo an-toerana, - mametraka tanjona ho trararina miainga amin'ireo olana ara-pahasalamana niarahanamaritra, - mamolavola sy mankato ny fitsipika anatin'ny mifehy ny Mpanentana. <p>Toetra takiana amin'ireo mpiantsehatra ifotony:</p> <ul style="list-style-type: none"> - mahay mamaky teny sy manoratra, - resy lahatra ny amin'ny fifanampian' ny 	<p>5 mn</p> <p>5 mn</p> <p>15 mn</p> <p>30mn</p>	<p>-Fametrana tontolo mahafinaritra</p> <p>- Famakiana sy fanazavana ny tanjona manokana</p> <p>Asa 1: tosa-kevitra</p> <p><i>Dingana a</i></p> <p>Mametraka fanontaniana ny mpampiofana: “inona avy ny andraikitra sahanin' ny mpiantsehatra ifotony?”</p> <p>Mandray amin'ny taratasy lehibe ireo hevitra rehetra avy amin' ny mpiofana ny mpampiofana.</p> <p><i>Dingana b</i></p> <p>Averina vakian'ny mpampiofanany hevitra rehetra. Manokatra adi-hevitra izy hamakafakana ny hevitra tsirairay: manaisotra ny valinteny tsy mamaly ny fanontaniana ary manambatra ny hevitra mitovy.</p> <p><i>Dingana d</i></p> <p>Mampiseho ny valiny nomaniny ny mpampiofana.</p> <p>Asa 2: fampiasana karatra tsy misy soratra</p> <p><i>Dingana a</i></p> <p>Izaran'ny mpampiofanakaratra tsirairay ny mpiofana.</p>	<p>Taratasy lehibe</p> <p>Markers</p> <p>Masking Tape</p> <p>Tanjona manokana</p> <p>Andraikitra sahanin'ny mpiantsehatra ifotony</p> <p>Karatra tsy misy soratra maromaro</p>

	<p>mpiarabelona,</p> <ul style="list-style-type: none"> - mazoto, vonona lalandava ary hiasa an-tsitrapo, - mavitrika, tia fiarahamonina sy mahay mifandray ary mahay mampita hevitra amin'ny hafa, - tsara laza eo amin'ny fiarahamonina 	<p>5 mn</p>	<p>Asainy manoratra singa iray (01)</p> <p>“mahakasika ny toetra takiana amin'ireo mpanentana ara-pahasalamana” ao amin'ny karatra nozaraina ny mpiofana. Asainy hapetaka amin'ny rindrina ny karatra efa feno.</p> <p><i>Dingana b</i></p> <p>Manokatra adihevitra ny mpampiofanamba hamakafakana sy handinihana ary hanasokajy ny karatra araka ireo.</p> <p><i>Dingana d</i></p> <p>Mampiseho amin'ny rehetra ny valiny nomanina ny mpampiofana.</p> <p><u>Asa 3:</u> fandravonana sy famerenana famakiana ny tanjona manokana.</p>	<p>Toetra takiana amin'ireo mpiantsehatra ifotony</p> <p>Tanjona manokana</p>
--	--	-------------	--	---

LOHAHEVITRA B: FIFANDRAISANA MAHOMBY

Taranja 1: zo fototra mahakasika ny fahasalaman'ny zatovo sy ny tanora (45 mn)

Tanjona manokana	Lohateny	Faharetany	Fizotra ny asa	Fitaovana ilaina
<p>Aorian'ity taranja ity, ny mpiofana tsirairay dia tokony ho afaka:</p> <p>1- manome famaritana ny zo mahakasika ny fahasalamana ara pananahan'ny zatovo sy ny tanora;</p> <p>2- mitanisa ireo karazana zo fototra mahakasika ny fahasalaman'ny zatovo sy ny tanora.</p>	<p>-Famaritana ny zo mahakasika ny fahasalamana ara pananahan'ny zatovo sy ny tanora</p> <p>Ny zatovo sy ny tanora dia manana zo ny hanana firaisana ara-nofa voahaja sy voaaro.</p> <p>-Karazana zo fototra mahakasika ny fahasalaman'ny zatovo sy ny tanora</p> <p>-Zo eo amin'ny fitoviana: eo amin'ny sehatry ny asa, fanabeazana, fitsaboana, tsy fanavakavahana ara-tsosialy eo anivon'ny fiaraha-monina.</p> <p>-Zo handray anjara amin'ny lafiny rehetra: politika, sosialy, ka tsy misy fanavakavahana na lahy na vavy.</p>	<p>5 mn</p> <p>5 mn</p> <p>15 mn</p> <p>15 mn</p>	<p>-Fametrahana tontolo mahafinaritra</p> <p>- Famakiana sy fanazavana ny tanjona</p> <p><u>Asa 1: famelabelarana fohy</u></p> <p>Manao famelarelarana ny zo mahakasika ny fahasalamana ara pananahan'ny zatovo sy ny tanora nypampiofana</p> <p><u>Asa 2: famelabelarana fohy</u></p> <p>Tohizany amin'ny fanazavana ireo karazana zo fototra mahakasika ny fahasalaman'ny zatovo. Ampirisihany ny mpiofana hametraka fanontaniana.</p> <p>Manome fanampim-panazavana ny mpampiofanaraha ilaina ary mangataka ny fandraisana mavitrika ny mpiofana amin'ny fametrahana fanontaniana.</p>	<p>Taratasy lehibe</p> <p>Markers</p> <p>Masking Tape</p> <p>Tanjona manokana</p> <p>PPT mahakasika ny zo fototra mikasitra ny fahasalamana ara-pananahana eo amin'ny tanora sy zatovo</p> <p>Karazana zo fototra mahakasika ny fahasalaman'ny zatovo sy ny tanora</p>

	<p>-Zo eo amin'ny fiainana: hanana fahafahana, Intégrité corporelle, fiarovana</p> <ul style="list-style-type: none"> - Zo eo amin'ny fiainany manokana - Zo eo amin'ny fizakan-tena arapananahana sy ny fahalalana ny lalàna - Zo malalaka eo amin'ny fanehoana ny heviny sy ny eritreriny ary eo amin'ny fikambanana -Zo hanana fahasalamana -Zo hahazo fanabeazana sy vaovao arapahasalamana matotra sy marina -Zo eo amin'ny firosoana na tsia eo amin'ny fanambadiana sy fananganana tokan-tranoamin'izay fotoana sy fomba itiavany azy. <p>Fandraisana andraikitra sy ny fanarenany ny fiainany (Droit à la responsabilité et réparation)</p>	<p>5mn</p>	<p><u>Asa 3:</u> Fandravonana sy famerenana famakianana ny tanjona.</p>	<p>Tanjona manokana</p>
--	---	-------------------	--	-------------------------

LOHAHEVITRA B: FIFANDRAISANA MAHOMBY

Taranja 3: singa dimy mampirisika olona iray hiova toetra (35 mn)

Tanjona manokana	Lohateny	Faharetany	Fizotra ny asa	Fitaovana ilaina
<p>Aorian'ity taranja ity ny mpiofana tsirairay dia tokony ho afaka:</p> <p>1-mitanisa ireo singa mampirisika olona iray hiova toetra.</p>	<p>Singa dimy mampirisika olona iray hiova toetra</p> <p>P: Physique (miantraika amin'ny toe-batana)</p> <p>R: Rationnel (mifandraika amin'ny fahalalana)</p> <p>E: Emotionnel (mifandraika amin'ny fihetseham-po)</p> <p>C: Compétence (mifandraika amin'ny fahaiza-manao)</p> <p>I: Interpersonnel (vokatry ny fifaneraserana eoamin'ny samy olona)</p> <p>S: Structurel (vokatry ny tontolo manodidina, ara-tsosialy, ara-panjakana, ara-pivavahana sy finoana, ara-politika sy lalàna).</p>	<p>5 mn</p> <p>5 mn</p> <p>20 mn</p> <p>5 mn</p>	<p>- Fametrahana tontolo mahafinaritra</p> <p>- Famakiana sy fanazavana ny tanjona manokana</p> <p>Asa 1: tosa-kevitra</p> <p><i>Dingana a</i></p> <p>Mametraka fanontaniana ny mpampiofana: “inona avy ireo singa mampirisika olona iray hiova toetra? »</p> <p>Mandray amin'ny taratasy lehibe ireo hevitra rehetra avy amin' ny mpiofana ny mpampiofana.</p> <p><i>Dingana b</i></p> <p>Averina vakian'ny mpampiofanany hevitra rehetra. Manokatra adi-hevitra izy hamakafakana ny hevitra tsirairay: manaisotra ny valinteny tsy mamaly ny fanontaniana ary manambatra ny hevitra mitovy.</p> <p><i>Dingana d:</i></p> <p>Mampiseho ny valiny nomaniny ny mpampiofana.</p> <p>Asa 2: fandravonana sy famerenana famakiana ny tanjona manokana.</p>	<p>Taratasy lehibe</p> <p>Markers</p> <p>Masking Tape</p> <p>Tanjona manokana</p> <p>Valiny voaomana mahakasika ny singa 5</p> <p>Tanjona manokana</p>

		5 mn	<p><i>Dingana b:</i> manazava ny vokatry ny asa nataony ny solon-tenan'ny vaomiera tsirairay. manokatra adihevitra ny mpampiofanahamakafakana sy handiniana ny asan'ny vaomiera tsirairay ary hamoaka asa iray.</p> <p><i>Dingana d:</i> mampiseho amin'ny rehetra ny valiny nomanina ny mpampiofana.</p> <p><u>Asa 3:</u> fandravonana sy famerenana famakiana ny tanjona manokana.</p>	Tanjona manokana
--	--	------	---	------------------

LOHAHEVITRA B: FIFANDRAISANA MAHOMBY

Taranja 5: fahaizana mifandray amin'ny Ray aman-dreny (55mn)

Tanjona manokana	Lohateny	Faharetany	Fizotra ny asa	Fitaovana ilaina
<p>Aorian'ity taranja ity ny mpiofana tsirairay dia tokony ho afaka:</p> <p>1-mifandray amin'ny Ray aman-dreny.</p>	<p>Fahaizana mifandray amin'ny Ray aman-dreny</p> <p>a. Toetra amam-pihetsika</p> <p>b. Fahalalam - pomba</p>	<p>5 mn</p> <p>5 mn</p> <p>10 mn</p> <p>30mn</p> <p>5 mn</p>	<p>-Fametrahana tontolo mahafinaritra</p> <p>- Famakiana sy fanazavana ny tanjona manokana</p> <p>Asa 1: famelabelarana fohy <i>Dingana a</i> Manazava ireo olana fototra mpahazo ny tanora ny mpampiofana. Mamelabelatra ny toetra amam-pihetsika sy fahalalam – pomba rehefa miresaka amin'ny Ray aman – dreny ny tanora.</p> <p>Asa 2: fampiharana <i>Dingana a</i> Zarain'ny mpampiofanatsitelotelo ny mpiofana ka ny iray RAD, ny iray tanora ary ny iray mpanaramaso. Omeny ny toromarika amin'ny fanarahamaso(famenoana fisy fanarahamaso). Manao ny fampiharana ny mpiofana. <i>Dingana b</i> Misaotra ny mpiofana ny mpampiofana. Manangona ny vokatra ny fanarahamaso izy Manokatra adihevitra ny mpampiofanamba hanambarana ny hevitra mitovy.</p> <p>Asa 3: fandravonana sy famerenana famakiana ny tanjona manokana</p>	<p>Taratasy lehibe</p> <p>Markers</p> <p>Masking Tape</p> <p>Tanjona manokana</p> <p>PPT maneho ny olana fototra mpahazo ny tanora</p> <p>Fisy fanarahamaso</p> <p>Tanjona manokana</p>

LOHAHEVITRA B: FIFANDRAISANA MAHOMBY

Taranja 6: fomba fampiasana ireo fitaovam-panentanana (45 mn)

Tanjona manokana	Lohateny	Faharetany	Fizotra ny asa	Fitaovana ilaina
<p>Aorian'ity taranja ity ny mpiofana tsirairay dia tokony ho afaka:</p> <p>1-mitanisa ireo fitaovana entina manentana;</p> <p>2- manazava ny fampiasana ireo fitaovam-panentanana.</p>	<p>Fitaovana entina manentana:</p> <ul style="list-style-type: none"> - peta – drindrina misy hafatra na kisary, - kahie misy kisary sy hafatra ary toro – lâlana, - kahie ho an'ny mpanentana. <p>Fampiasana ireo fitaovam-panentanana</p> <p>Tokony omanina mba hampahomby ny fanentanana</p>	<p>5 mn</p>	<p>-Fametrahana tontolo mahafinaritra</p> <p>- Famakiana sy fanazavana ny tanjona manokana</p> <p><u>Asa 1: fanontaniana arahana valiny (marina)</u></p> <p><i>Dingana a</i></p> <p>Mametraka fanontaniana ny mpampiofana:</p> <p>“Inona ireo fitaovana entina manentana?”</p> <p>Raisina eny amin'ny taratasy lehibe ny valiny marina izay nandrasana ary arafitra ny famaritana</p> <p><i>Dingana b:</i></p> <p>Maneho ny fitaovana entina manentana efa voamana ny mpampiofana.</p> <p><u>Asa 2: famelabelarana fohy</u></p> <p><i>Dingana a</i></p> <p>Manazava ireo ny fomba fampiasana ireo fitaovam-panentanana ny mpampiofana.</p> <p>Mamelabelatra ireo tokony omanina mba hampahomby ny fanentanana ny zatovo na tanora.</p> <p><u>Asa 3: fandravonana sy famerenana famakiana ny tanjona manokana.</u></p>	<p>Taratasy lehibe</p> <p>Markers</p> <p>Masking Tape</p> <p>Tanjona manokana</p> <p>Valiny voamana mahakasika ny fitaovana entina manentana.</p> <p>Valiny voamana mahakasika ny fomba fampiasana ireo fitaovana entina manentana</p> <p>Tanjona manokana</p>
		<p>5 mn</p>		<p>15 mn</p>
		<p>5 mn</p>		<p>15 mn</p>

LOHAHEVITRA D: FAHASALAMAN'NY ZATOVO SY NY TANORA

Taranja 1: dingam-pivoarana voajanahary mifandray amin'ny fahasalamana ara- pananahan'ny zatovo sy ny tanora (50 mn)

Tanjona manokana	Lohateny	Fahare tany	Fizotra ny asa	Fitaovana ilaina
<p>Aorian'ity taranja ity, ny mpiofana tsirairay dia tokony ho afaka:</p> <p>1. manazava ny vanimpotoana maha zatovo ;</p> <p>2. manazava ireo fiovana misy</p>	<p>Vanimpotoanamaha-zatovo</p> <p>Famaritana</p> <p>Araka ny OMS,</p> <ul style="list-style-type: none"> - Zatovo: 10-19 taona, Tanora: 10-24 taona, <p>Vanimpotoanan'ny maha-Zatovo</p> <ul style="list-style-type: none"> - Mialoha kely ny mahazatovo - Mandritra ny mahazatovo - Zatovo matoy <p>Fiovana misy mandritra ny vanimpotoana maha-zatovo.</p>	<p>5mn</p> <p>5 mn</p> <p>10mn</p> <p>20mn</p>	<p>Fametrahana tontolo mahafinaritra</p> <p>Famakiana sy fanazavana ny tanjona manokana.</p> <p><u>Asa 1</u> : fanontaniana arahana valiny</p> <p><u>Dingana a</u></p> <p>Apetraky ny mpampiofana ny fanontaniana: “<i>Teo amin'ny fahafiry taonantsika teo no nahatsapatsika ny fandalovantsika ny vanimpotoana nahazatovo antsika?</i>”</p> <p>Raisin'ny mpampiofana ny valiny marina sy andrasana.</p> <p><u>Dingana b</u></p> <p>Avoakan'ny mpampiofana ny valiny efa voasoratra amin'ny taratasy arahina fanazavana.</p> <p><u>Asa2</u>: fampiasana karatra tsy misy soratra</p> <p><u>Dingana a</u></p> <p>Izaran'ny mpampiofana karatra tsirairay ny mpiofana. Asainy manoratra singa iray (01) “<i>fiovana misy mandritra ny vanimpotoana maha-zatovo</i>” ao amin'ny karatra nozaraina ny</p>	<p><i>Taratasy lehibe</i></p> <p><i>Markers</i></p> <p><i>Masking Tape</i></p> <p><i>Tanjona manokana</i></p> <p>Vanimpotoana maha-zatovo.</p>

LOHAHEVITRA D: NY FAHASALAMAN'NY ZATOVO SY NY TANORA

Taranja 2: fisorohana ireo aretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofy tsy voaaro sy ny vohoka aloha loatra(45 mn)

Tanjona manokana	Lohateny	Fahare tany	Fizotra ny asa	Fitaovana ilaina
<p>Aorian'ity taranja ity, ny mpiofana tsirairay dia tokony ho afaka:</p> <p>1.mitanisa ny fisehon'ny Aretina azo Avy amin'ny Firaisana ara-nofy tsy voaaro;</p> <p>2-mamantatra ny fomba</p>	<p>Fisehon'ny Aretina azo Avy amin'ny Firaisana ara-nofy tsy voaaro</p> <ul style="list-style-type: none"> - Mivoaka tsiranoka mampiahiahy, - Fery na maniry zavatra tsy fahita (na dia tsy manaintaina azy), - Atody tarimo, - Mamaivay na mangidihidy, - Mamaivay rehefa mamany, - Marary eo an-dohavaniha. <p>Fomba fifindran'ny Aretina azo</p>	<p>5 mn</p> <p>5 mn</p> <p>15 mn</p> <p>15 mn</p>	<p>Fametrahana tontolo mahafinaritra</p> <p>- Famakiana sy fanazavana ny tanjona</p> <p>Asa 1: tosa-kevitra</p> <p><u>Dingana a</u></p> <p>Mametraka fanontaniana ny mpampiofana: "inona avy fisehon'ny Aretina azo Avy amin'ny Firaisana ara-nofy tsy voaaro tsy?"</p> <p>Mandray amin'ny taratasy lehibe ireo hevitra rehetra avy amin' ny mpiofana ny mpampiofana.</p> <p><u>Dingana b</u></p> <p>Averina vakian'ny mpampiofanany hevitra rehetra.Manokatra adi-hevitra izy hamakafakana ny hevitra tsirairay: manaisotra ny valinteny tsy mamaly ny fanontaniana ary manambatra ny hevitra mitovy.</p> <p><u>Dingana d</u></p> <p>Mampiseho ny valiny nomaniny ny mpampiofana.</p> <p>Asa 2: fanontaniana arahana valiny</p> <p><u>Dingana a</u></p>	<p>Taratasy lehibe Markers Masking Tape Tanjona manokana</p> <p>Fisehon'ny Aretina azo Avy amin'ny Firaisana ara-nofy tsy voaaro.</p>

<p>fifindran'ny aretina;</p>	<p>Avy amin'ny Firaisana ara-nofy tsy voaaro</p> <ul style="list-style-type: none"> - Firaisana ara-nofy tsy voaaro amin'ny olona mitondra ny aretina - Famindrana ràn mitondratsimok'aretina - Fampiasana fitaovana misy tsimok'aretina tsy voadio - Ny reny mitondra ny aretina dia mety hamindra amin'ny zaza ao am-bohoka - Nonon-dreny mitondra tsimokaretina dia mety hamindra amin'ny zanany 	<p>15 mn</p>	<p>Apetraky ny mpampiofana ny fanontaniana: “<i>ahoana ny fomba fifindran'ny Aretina azo Avy amin'ny Firaisana ara-nofy tsy voaaro??</i>”</p> <p>Raisin'ny mpampiofana ny valiny marina sy andrasana.</p> <p><u>Dingana b</u></p> <p>Avoakan'ny mpampiofana ny valiny efa voasoratra amin'ny taratasy arahina fanazavana.</p> <p><u>Asa 2: famelabelarana fohy</u></p> <p><u>Dingana a:</u> Manazava ny fisorohana Aretina azo Avy amin'ny Firaisana ara-nofy tsy voaaro ny mpampiofana, mamelabelatra ny fomba</p>	<p>Fomba fifindran'ny Aretina azo Avy amin'ny Firaisana ara-nofy tsy voaaro</p> <p>Fisorohana ny Aretina azo Avy amin'ny Firaisana ara-nofy tsy voaaro sy ny</p>
<p>3-manazava ny fisorohana Aretina azo Avy amin'ny Firaisana ara-nofy</p>	<p>Fisorohana ny Aretina azo Avy amin'ny Firaisana ara-nofy tsy voaaro sy ny vohoka aloha loatra :</p> <p>Antsoina ho vohoka aloha loatra izay</p>			

<p>tsy voaaro, ny fomba fampiasana kapaoty ary fomba fisorohana ny vohoka aloha loatra.</p>	<p>ho an'ny tanora efa miroso amin'ny firaisana ara-nofo kosa :</p> <p>Ny fimailo irery ihany no sady misoroka vohoka no miaro amin'ny Aretina azo Avy amin'ny Firaisana ara-nofo tsy voaaro. (IST, VIH/ SIDA, ...)</p> <p>Fombafampiasana azy:</p> <p>Fimailo:</p> <p>Firaisana1=fimailo1</p> <p>Fimailom-behivavy:</p> <p>Firaisana1=fimailo1</p>	<p>5 mn</p>	<p>fampiasana kapaoty ary tohizany amin'ny fanazavana ny fomba fisorohana ny vohoka aloha loatra.</p> <p><u>Asa4:</u> fandravonana sy famerenana famakiana ny tanjona manokana.</p>	<p>vohoka aloha loatra</p> <p>Tanjona manokana</p>
---	---	--------------------	--	--

LOHAHEVITRA D: FAHASALAMAN'NY ZATOVO SY NY TANORA

Taranja 3: fisorohana vohoka tsy irina sy fanalan-jaza (45 mn)

Tanjona manokana	Lohateny	Fahare tany	Fizotra ny asa	Fitaovana ilaina
<p>Aorian'ity taranja ity, ny mpiofana tsirairay dia tokony ho afaka:</p> <p>1. mitanisa ireo tombontsoa amin'ny tsy fidirana amin'ny firaisana ara-nofo aloha loatra;</p> <p>2. mitanisa ireo fomba azo isorohana ny vohoka aloha loatra na tsy irina.</p>	<p>Tombontsoa amin'ny tsy fidirana amin'ny firaisana ara-nofo aloha loatra</p> <p>Fomba azo isorohana ny vohoka aloha loatra na tsy irina = Fomba Fandrindrana fiterahana: Ireo fombatsy maharitra</p> <ul style="list-style-type: none"> - Tsy fanaovana firaisana - Pilina atelina, mifangaro na tsy mifangaro 	<p>5 mn</p> <p>5 mn</p> <p>10 mn</p> <p>20 mn</p>	<p>Fametrahana tontolo mahafinaritra</p> <p>Famakiana sy fanazavana ny tanjona manokana.</p> <p><u>Asa 1:</u> fanontaniana arahana valiny <i>Dingana a:</i> Mametraka fanontaniana ny mpampiofana: “inona avy ireo tombontsoa amin'ny tsy fidirana amin'ny firaisana ara-nofo aloha loatra?”.</p> <p>Raisina eny amin'ny taratasy lehibe ny valiny marina izay nandrasana. <i>Dingana b:</i> Maneho ny valiny efa voaomana ny mpampiofana.</p> <p><u>Asa 2 :</u> tosa-kevitra <i>Dingana a</i> Mametraka fanontaniana ny mpampiofana: “fomba azo isorohana ny vohoka aloha loatra na tsy irina?” Mandray amin'ny taratasy lehibe ireo hevitra rehetra avy amin' ny mpiofana ny mpampiofana. <i>Dingana b</i></p>	<p>Taratasy lehibe</p> <p>Markers</p> <p>Masking Tape</p> <p>Tanjona manokana</p> <p>Tombontsoa amin'ny tsy fidirana amin'ny firaisana ara-nofo aloha loatra.</p>

	<p>Tsindrona</p> <ul style="list-style-type: none"> - Sakana : fimailo,pilina asisika any amin'ny lalan-jaza - Fomba voajanahary : vakana,fitsapana hafanàna, fijerena ny tsiloly mivoaka amin'ny vozon'ny tranon- jaza, MAMA (Manabe Aizana ny Mampinono Anaka). <p>Ireo fomba Fomba maharitra:</p> <ul style="list-style-type: none"> - Implanon - DIU na stérilet - Fanapahana na famatorana ny fantson-tsirina na lahy na vavy. 	<p>5 mn</p>	<p>Averina vakian'ny mpampiofanany hevitra rehetra.Manokatra adi-hevitra izy hamakafakana ny hevitra tsirairay: manaisotra ny valinteny tsy mamaly ny fanontaniana ary manambatra ny hevitra mitovy.</p> <p><u>Dingana d</u></p> <p>Mampiseho ny valiny nomaniny ny mpampiofana.</p> <p><u>Asa 3:</u> fandravonana sy famerenana famakiana ny tanjona manokana.</p>	<p>Karazana fomba azo isorohana ny vohoka aloha loatra na tsy irina</p> <p>Tanjona manokana.</p>
--	---	--------------------	--	--

	<ul style="list-style-type: none"> - fambara loza ho an'ny zaza aorian'ny fahaterahana - fandrindrana fiterahana <p>-Fikarakarana aorian'ny fahafahan-jaza</p>	<p>5 mn</p>	<p><i>aorian'ny fiterahana.</i></p> <p>Faharetany : 10 mn.</p> <p><u>Dingana b</u></p> <p>Miroso amin'ny fanolorana ny asa vitany ny vaomiera tsirairay ary arahana adihevitra. Mitondra fanampim-panazavana ny Mpampiofana ary manao fandravonana. Manao famintinana avy eo.</p> <p><u>Dingana d</u></p> <p>Mampiseho ny valiny efa voamana ny mpampiofana.</p> <p><u>Asa 3</u> : fandravonana sy famerenana famakiana ny tanjona manokana.</p>	<p>Tanjona manokana</p>
--	---	--------------------	--	-------------------------

LOHAHEVITRA D: NY FAHASALAMAN'NY ZATOVO SY NY TANORA

Taranja 5: fanjariantsakafo (75mn)

Tanjona manokana	Lohateny	Faharetany	Fizotra ny asa	Fitaovana ilaina
<p>Aorian'ity taranja ity ny mpiofana tsirairay dia tokony ho afaka:</p> <p>1-manazava ny tsingerim-piainana sy ny zavatra tokony atao isaky ny dingana;</p> <p>2- manazava ny tsingerina fiampitan'ny tsy fanjariantsakafo amin'ny taranaka mifandimby;</p>	<p>- Tsingerim-piainana (Cycle de vie)</p> <p>- Tokony hatao isaky ny dingan'ny tsingerim-piainana (Recommandation à chaque étape du cycle de vie)</p> <p>Tsifanjariantsakafo mitarazoka (Cycle intergénérationnel de la malnutrition)</p>	<p>5 mn</p> <p>5 mn</p> <p>15 mn</p> <p>15 mn</p>	<p>-Fametrahanatontolo mahafinaritra</p> <p>-Famakiana fanazavana ny tanjona</p> <p><u>Asa1: famelabelarana fohy</u></p> <p>Manao famelabelarana ny mpampiofanamahakasika ny tsingerim-piainana sy ny zavatra atao isaky ny dingana. Mangataka ny fandraisan'anjaran'ny mpiofana amin'ny alalan'ny famerenana ny tsingerim-piainana sy ny zavatra atao isaky ny dingana ny mpampiofana.</p> <p><u>Asa 2 : famelabelarana fohy</u></p> <p>Manao famelabelarana ny mpampiofanamahakasika ny tsingerina fiampitan'ny tsy fanjarian-tsakafo amin'ny taranakamifandimby. Mangataka ny fandraisan'anjaran'ny mpiofana amin'ny alalan'ny famerenanany tsingerina fiampitan'ny tsy fanjariantsakafo amin'ny taranaka mifandimby ny mpampiofana.</p>	<p>Taratasy lehibe</p> <p>Markers</p> <p>Masking Tape</p> <p>Tanjona manokana</p> <p>Tsingerim-piainana</p> <p>Sary maneho ny Tsifanjarian-tsakafo mitarazoka araka ny tsingerim-piainana</p>

LOHAHEVITRA D: NY FAHASALAMAN'NY ZATOVO SY NY TANORA

Taranja 7 : ady amin'ny fidorohana ny zavamahadomelina (50 mn)

Tanjona manokana	Lohateny	Fahare tany	Fizotra ny asa	Fitaovana ilaina
